

A TSINDRIMANDRY AVY AMIN'ANDRIAMANITRA. 2 Petera 3:15-16.

- ❖ Araka izay voalazan'i Petera, nanodidina ny taona 60 AD, dia efa nino ny olona fa ny taratasin'i Paoly dia avy amin'ny tsindrimandrin'Andriamanitra, ary noraisin'izy ireo toy Soratra Masina izany (ny Testamenta Taloha).
- ❖ Nosoratan'i Paoly tamin'ny teny Grika nahazatra ireo taratasy ireo, ary nampiasa ny endrika fototry ny fanoratana taratasy tamin'ny androny izy: (1) Fiarahabana, izay milaza ny anaran'ny mpandefa sy ny andefasana; (2) tenim-pisaorana; (3) ny votoantin'ilay taratasy; (4) famaranana.
- ❖ Novakiana am-pahibemaso tao am-piangonana ny taratasiny, ary nisy dika mitovy nalefa ho an'ny fiangonana hafa (Kolosiana4:16).

B FAHEFAN'NY APOSTOLY. Galatiana 1:1-2.

- ❖ Nahoana ny olona sasany no nandà ny fahefana avy amin'Andriamanitra ao amin'ny taratasy nosoratan'i Paoly?
 - Tsy mba anisan'ireo apostoly 12 izay nofidian'i Jesosy i Paoly.
 - Nisy olona sasany nilaza fa fahefana avy amin'i Ananiasy ny azy.
 - Ny hafa kosa nanaiky azy ho misionera nomen'i Antiokia fahefana.
 - Nihevitra izy ireo fa manamaivana ny fankatoavana ny filazantsaran'i Paoly satria manizingizina ny famonjena amin'ny finoana irery ihany.

D NY FILAZANTSARA. Galatiana 1:3-5.

- ❖ Nampiasa teny roa i Paoly ho fiarahabana ny fiangonana:
 - Fahasoavana. *Charis*, voambolana mitovy amin'ny fiarahabana Grika “chairen” (*jairein*)
 - Fiadanana. Fiarahabana miavaka eo amin'ny Jiosy.
- ❖ Avy eo, mialoha ny famaranany ny fiarahabana dia manazava izy fa: ny fahafatesan'i Jesosy no manafaka antsika amin'ny fahotana.

E NY FILAZANTSARA Hafa. Galatiana 1:6-9.

- ❖ Nomelohan'i Paoly ho “hiala ho amin'ny filazantsara hafa” ny Galatiana.
- ❖ Nohazavainy taty aoriana (and. 7) fa tsy misy filazantsara hafa. Nanaiky ny fampianarana milaza fa ny fananana finoana an'i Kristy dia tsy ampy ho amin'ny famonjena izy ireo, ary tsy filazantsara marina izany.
- ❖ Nomelohan'i Paoly ho mpitsoaka an-daharana izy ireo. Niala tamin'ny filazantsara madio ho amin'ny filazantsara hafa.
- ❖ Ny teny mafy indrindra nosoratan'i Paoly dia ho an'ireo izay mitory ny famonjena amin'ny alalan'ny asa (and. 8-9).

F PAOLY SY NY FILAZANTSARA. Galatiana 1:10-24.

- ❖ Ny teboka lehibe nanoheran'ireo Jodaisma an'i Paoly dia noho izy tsy nitaky ny Jentilisa ho forana (Asa 15:5).
- ❖ Nilaza izy ireo fa nitady izay ahitana fitia teo amin'ny Jentilisa i Paoly.
- ❖ Nasehon'i Jesosy Kristy azy ny filazantsara “fa raha sitrak'Andriamanitra... ny nampiseho ny Zanany tato anatiko” (and. 15-16).
- ❖ Eo amin'ny andininy 13 - 24, dia nitantara ny momba ny fiainany talohan'ny fiovam-pony i Paoly ka hatramin'ny fotoana izay nanendrena azy ho mpitory filazantsara any amin'ny Jentilisa.
- ❖ Io fitantarana fohy ny fiainany io dia manaporofa fa tsy nisy olona hafa izay mety ho nampianatra azy ny filazantsara. Nambara tanteraka taminy ny filazantsara nandritra ny fitokanany tany Arabia.